


ALAHADY FAHA 26 MANDAVANTAONA -B- 2024



“Fa izay tsy manohitra antsika dia momba antsika »

(Mk. 9: 39)“

Ry Kristianina havana, tamin’ny Alahady lasa teo isika nanantirantitra ireo toetra fototra lehibe nahatonga an’i Jesoa nanambara fa tsy maintsy manana ny toetry ny zazakely isika eo amin’ny fifandraisantsika andavanandro sy nilazany koa fa izay te ho lehibe aminareo aoka izy ho tahaka ny zazakely ary ho vonona hanompo satria izany no lèlana hahafahana miroso lalindalina kokoa amin’ny fiainana sy fiombonana amin’Andriamanitra. Averintsika vetivety ireo toetry ny zazakely tsara ananana : fitokisana an’Andriamanitra, fahatsorana mitondra amin’ny marina mandrakariva ary fahadiovam-po.

Naverintsika ireo satria toetra ahafahantsika MIHAINO izay tena ilaina tokoa amin’izao SINAODY fijanonana faha 3, 3ème session izao satria tsy afaka hifampitsimbina sy hifanasoa ka hikatsaka ny soa iombonana raha tsy mivelona ireo toetra izao. Toetra izay azo ampifandraisana amin’ny fiainana eokaristika, fahafoizana, fanompoana ao anatin’ny fahamarinana.

Vakiteny I : Fanis. 11, 25-29
Tononkira : Salamo 18
Vakiteny II : Jak. 5, 1-6
Evanjely : Mk. 9, 37-42. 44. 46-47

Ho feno Fanahy Masina ka samy vonona hikatroka, hikaroka, handalina, hiara-hivavaka isika ka zary MPAMINANY araky ny vakiteny voalohany sy ao amin’ny Evanjely. Mila manana ny toe-panahin’ny zazakely isika mba ho afaka hihaino ny hafa. Ireo ihany koa no mbola foto-pampianarana amin’izao Alahady faha-26 mandavantaona izao. Eo indrindra isika no tonga saina. Rehefa mijery ny zava-misy isika dia lasa lavitra ny saintsika ka mety milaza hoe ahoana àry hanatanterahana an’izany fiovana ho toy ny zazakely izany ? Lalana mitondra amin’ny maha-

zazakely isika mba ho afaka hihaino ny hafa. Ireo ihany koa no mbola foto-pampianarana amin’izao Alahady faha-26 mandavantaona izao. Eo indrindra isika no tonga saina. Rehefa mijery ny zava-misy isika dia lasa lavitra ny saintsika ka mety milaza hoe ahoana àry hanatanterahana an’izany fiovana ho toy ny zazakely izany ? Lalana mitondra amin’ny maha-

mpaminany ka zary EOV MISIONERA, TABERNAKLA VELONA MAMAFY FIHAVANANA MAMPIOMBONA...

Ry Kristianina havana, fantaro fa miasa ny Fanahin'Andriamanitra, izy no manova ny fo amam-panahintsika ka hanampy antsika hanana ny toetry ny zazakely eo amin'ny fiainantsika andavanandro, hatoky an'Andriamanitra tanteraka, hanana ny fahatsoram-po sy hivelona ny fahamarinana eo amin'ny fiainantsika, hanana ny fahadiovam-po hahita ny sitrak'Andriamanitra. Izay madio fo no mahita an'Andriamanitra izany hoe manatanteraka ny sitrak'Andriamanitra raha mandray ny tenin'Andriamanitra sy ny tenan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Eokaristia izay ataontsika isaky ny Alahady ka mahatonga antsika ho mpanorina, sy ho fianakaviana iray ao amin'Andriamanitra. Hahatonga antsika ho Eglisy Olona Velona fahazavana sy fanasina eo amin'ny manodidina antsika hanehoantsika fa isika izao no Kristy mpiara-belona amin'olona. Azontsika honognana izany tamin'ny fankalazana ny KEN 2024. Tsy afenina fa maro ny zavatra mampitebiteby antsika tamin'ireny fotoana ireny fa nandeha am-pahatsorana sy am-panetren-tena araka ny fitenintsika "manao ny asan'Andriamanitra dia Andriamanitra manao ny asantsika".

Rehefa entanin'izany Fanahy Masina izany isika dia izy no mahatonga antsika hanatsara ireo FIFANDRAISANA FOTOTRA TELO izay samy efa tena potika ankehitriny. Potika ny fifandraisana amin'ny zava-boary, potika fifandraisana eo anivon'ny fiaraha-monina, potika ihany tontolom-pinoana. Ireo rehetra ireo no mila jerena sy dinihina amin'ny masom-pinoana, masom-pitiavana, masom-panantenana amin'izao Sinaody izao. Tsy afenina fa ny sasany na ny maro izay indrisy noho ny toetra feno fihatsaram-belatsihy dia matetika mitsara, mifosa ka mahatonga ny korontana eo amin'ny fiaraha-monina. Izany indrindra no niseho tamin'ireo vahoakan'Andriamanitra tany an'efitra ka ambaran'ny vakiteny voalohany ao amin'ny bokin'ny Fanisana. Io korontana io no nahatonga ny olona sasany nanatona an'i Moizy ka nanambarany fa ireo 70 lahy voafidy hiara-miasa akaiky aminy dia nandrotsahan'ny Tompo ny fanahiny koa ka afaka mitarika ny vahoaka.

Amin'izao ankatoky ny fanombohantsika ny Sinaody fijanonana faha 3 izao, aoka isika hiaraka hivavaka mba ho feno ny Fanahy masina tokoa isika jiaby hikatroka izao fijanonana faha 3 izao na pretra na voatokana na Apostoly Lahika na anatin'ny fikambanana na anatin'ny firohotana na tsia na anatin'ny vaomieran'asa na tsia, izany hoe isika jiaby. Aoka tsy hisy hipetrapetraka intsony. Aoka samy vonona hirotsaka tokoa isika jiaby ka tsy hisy hitan-damba intsony , ho tena mpaintsehatra. Vonona hifampihaino ka samy hikatsaka izay hanatsara fa tsy hitsara ny hafa na hitsikera, hikatsaka ny soa iombonana, hanao izay hampandroso ny diosey, ho mpaminany ka ho EOV MISIONERA ZARY TABERNAKLA VELONA. Araka ny averimberintsika matetika ny mpaminany tsy hoe mahafantatra ny hoavy fa olona mahay ny sitrak'Andriamanitra ka manambara amin'ireo manodidina. Izany indrindra no kendrentsika amin'izao SINAODY izao ho "mpaminany " isika jiaby. Mahalala ny sitrak'Andriamanitra vokatry ny fiaraha-mivavaka sy ny fiaraha-midinika ka miroso manorina EOV manorina ETA

araka ny sitrak'Andriamanitra ary tokana ny sitrak'Andriamanitra diaahasambatra antsika izany hoe hahatonga ny mahaolona antsika ho feno ka hanana fivelarana amin'ny mahaolona manontolo. Izany no nahatonga an'i Jesoa ao amin'ny Evanjely raha nisy ireo nanatona azy ka nilaza hoe : "*ireto dia tsy miaraka amintsika*". Aza raranareo hoy i Jesoa fa tsy misy olona hanao famantarana amin'ny anarako ka hanaratsy ahy vetivety foana fa izay tsy manohitra antsika dia momba antsika. Ny tian'i Jesoa ambara dia tsotra, aoka izay hanambara an'i Jesoa dia hanambara ny hafatr'i Jesoa manontolo fa tsy hamboamboatra azy araka izay saim-pantany, raha manambara ny hafany manontolo izy na dia mbola tsy mahafantatra an'i Jesoa aza dia afaka miara-miasa amin'ireo izay miombona amin'i Jesoa. Tsy fanilikilhana no ambaran'i Jesoa fa isika Kristianina dia miombona amin'ny olona rehetra manaja ny aina sy manaja ny fiombonana ary ny maha olona manontolo. Io ihany koa ny nambaran'I Papa François teny Soamandrakizay tamin'ny tanora : "aoka tsy misy hilaza amin'ny eo akaikiny hoe tsy mila anao aho..." Tsy toe-panahy miara-dalana atoron'ny sinaody izany...

Ambaran'I Jesoa ny toe-panahy sy fihetsika tsy maintsy hananantsika mandritra izao SINAODY izao. Matoky isika fa samy afaka miasa amin'ny tsirairay ny Fanahy Masina ary ny ahafahana milaza fa Fanahy Masina no miasa dia izy mampiombona. Tsara ihany koa anefa ny milaza araka izany fa tsy afaka hiaraka amintsika kosa izay rehetra tsy manaja ny aina, tsy manao ny marina, tsy manaja ny maha olona manontolo. Fantatsika araky ny voalazan'i Jesoa fa asan'ny Fanahy masina ny fiombonana Aminy.

Aoka tsy ho hisy ny fanafintohinana hoy i Jesoa, izay ny tena loza, "*Ary na iza na iza hanafintohina ny anankiray amin'ireny madinika mino Ahy ireny, dia tsaratsara kokoa ho azy ny hanantonana vato fikosohan-dafarîna amin'ny vozony, ka havarina any anaty ranomasina izy*".

Ny fanafintohinana no manimba ny fiombonana sy ny fikatsahana ny soa iombonana. Izany indrindra no manapotika ny tontolo telo izay lazaintsika matetika ka aoka àry ho halavirintsika ny fanafintohinana na ao anatintsika izany na ety ivelany fa indrindra amin'izao Sinaody izao. Aoka ho fantatsika fa ny demony dia tsy kely lalana ka io indrindra ny fomba fiasany. Mila mitandrina isika. Izany no mahatonga an'i Jesoa milaza, raha ny tananao, ny tongotrao, ny masonao no manafintohina anao dia tapaho fa aleo kilemaina miditra amin'ny fanjakan'ny lanitra. Matetika dia avy ao anatintsika ao no mahatonga ireny fanafintohinana ireny. Raha tiantsika ny ho taranaka mpanorina dia aoka isika hiaiky ny fahalemena ao amintsika ka miova mba tsy hanafintohina ny hafa. Mila fanetren-tena tokoa ny fivelomana ny toe-panahin'ny Sinaody Izany hoe ny fiaraha-midinika, ny fiaraha-mivavaka tanteraka izany raha mivelona ny fiainana eokaristika isika. Aoka averimberintsika matetika ilay vavaka fanokanan-tena amin'ny Fo Masin'i Jesoa : "Ry Jesoa malemy fanahy sy manetry tena ao ao am-po... Ataovy manahaka ny fonao ny fonay".

Ambaran'i Md Jakoba fa ny fototry ny fahalemena dia ny harena. Tsy ratsy ny harena fa raha izy no tomponia ka omena toerana kokoa mihoatra ny fifandraisana araka ny naharian'Andriamanitra antsika hitovy endrika Aminy dia zary fahalemena satria zary mihevitra ny tena ho andriamanitra. Tsapantsika izany amin'ny fomba fitenin'ny olona amin'izao "aleo very tsikalakalam-pihavanana toa izay very tsikalakalam-bola...". Aoka ho fantatsika fa ny toetrantsika io dia harena kanefa raha atao hanapotehana ny hafa, hanapotehana ny tontolom-piaainana sy ny tontolom-pinoana, hitantsika ny vokany eo amin'ny fiainantsika andavanandro. Tsy inona ny voka-dratsy fa ireny herisetra, ireny famonoana, ireny fandatsahan-drà etsy sy eroa ireny ka mahatonga ny tsy filaminana intsony eto amintsika. Ny harena no mitarika ny fahalovana rehetra eo amin'ny fiainantsika ka aoka hiala amin'izany hevitra ratsy voizin'ny harena ratsy fipetraka. Tsy ny harena no ratsy fa misy ny harena mitarika amin'ny fahalovana, rehefa izy no tomponia sy atao andriamanitra dia manapotika ny fifandraisantsika satria takotry ny harena ratsy ny bitsiky ny Fanahy masina izay manatsara mandrakariva fa tsy mitsara, mitady ny soa iombonana sy ny fiombonana ary ny fiadanana. Fa ny harena mitarika amin'ny fahalovana dia ny fialonana mitondra amin'ny herisetra. Aoka isika hiombona bebe kokoa hatrany amin'i Kristy satria Izy no lèlana sy fahamarinana ary fiaianana, raha miaraka Aminy isika dia zary ho EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA ka afaka manorina ny ny Eglisy Fianakaviamben'Andriamanitra, Fratelli Tutti, Olo Araiky Isika Jiaby, hanatsara sy hikolokolo ny tranobe iombonana izay efa tena robaka ankehitriny. Harena tokoa ny harena raha mamokatra ary mamokatra ho an'ny be sy ny maro.

Ry Jesoa Tompo ô ampio izahay ho tsara fo ka hanao ny marina eo anivon'ny fiainanay andavanandro, ampio izahay ho tsara fifandraisana amin'ireo rehetra manodidina anay, ho taranaka mpanorina ka hikatsaka mandrakariva ny fahasoavano, hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana eo amin'ny fanorenana ataonay, hahafoy izahay fa tsy hikatsaka ny harena mitarika amin'ireny fahalovana ireny, vonona hanompo satria io no lalana mitondra amin'ny fiombonana. Miaraka amin'I Masina Maria Reninao sady Reninay izahay amin'izao volana Oktobra volan'ny Raozeryizay hanatanterahana ny Sinaody fijanona faha 3, 3ème Session izao. Enga anie ho Senakla miaraka aminao izao Sinaody izao. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglisy Eran-tany mivawahà mba zary "fianakaviana" ho anay ny fihaonanay rehetra. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson